


Miteny Fampiononana

Mivavaha ho an'ny fiadan'i Jerosalema: "Hambinina anie izay tia anao."



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ahoana no ampifanarahantsika ny tenantsika amin'ny fikasan'Andriamanitra ho an'ny Isiraely? Te-hanolotra fomba tsotra iray aho. Ao amin'ny Isaia 40:1–2, dia hoy Andriamanitra:

> "'Ampionony, ampionony ny oloko, Hoy Andriamanitrareo; 'Mitoria teny soa mahafaly amin'i Jerosalema, ka lazao aminy fa vita ny adiny, sady voavela ny helony, ary efa nandray indroa heny tamin'ny tànan'i Jehovah izy ho valin'ny fahotana rehetra nataony.'"

Efa nandinika an'io andininy io aho, amin'ilay milaza hoe "ampionony ny Oloko," noho ny firesahana mivantana an'i Jerosalema, dia azoko fa ny vahoaka Jiosy no tiana holazaina. Tsy azo ampiononina ny vahoaka Jiosy raha tsy ao Jerosalema. Mifamatotra tanteraka amin'ny tanànan'i Jerosalema ny fon'izy ireo.Noho izany, koa raha marina ny teniko, ary ny "Oloko"dia ny vahoaka Jiosy, amin'iza moa izany teny izany lazaina? Lazaina amin'ny endriny maro izy ireo (amin'ny teny Hebreo) amin'ny olona iray izay hilaza hoe: "Ampionony ny Oloko." Tsy maintsy lazaina amin'ny olona manaiky an'Andriamanitry ny Baiboly sy ny fahefan'ny Teniny izany. Mety ho iza izany? Izaho sy ianao. Olona toa antsika, finoana Kristiana. Inona no lazain'Andriamanitra? "Ampionony ny Oloko, Isiraely." Mitaky antsika hampionona ny Isiraely Andriamanitra.

Efa mpinamana tamin'ny Jiosy mpino an'i Jesosy aho, ary ny zavatra iray nasehony ahy dia ny hoe ny fiangonana maneran-tany dia mandany fotoana bebe kokoa amin'ny fanakianana fa mba hampionona an'i Isiraely. Tsy nantsoina hitsikera isika; fa isika kosa, dia nobaikoina mba hampionona. Hanaiky izany andraikitra izany ve ianao?

Mino aho fa io fampiononana io dia fomba iray fanomanana ny lalan'ny Tompo. Tsy maintsy rava ny taonjato maron'ny fitsarana an-tendrony, sy ny fanavakavahana, ary ny tsy fifankahazoana. Tsy maintsy ho levon'ny hafanan'ny tena fitiavana Kristiana izy ireo. Mino aho fa izany no andraiki-tsika amin'izao fotoana izao.

© 2008 - Dries Du Plessis

Misaotra Anao, Tompo ô, noho ny amin’ny fitahiana Nampanantenainao ho an’ireo izay tia an’i Isiraely. Manambara aho fa hampionona ny olon’Andriamanitra aho ary miteny fampiononana an’i Jerosalema. Mivavaka ho an'ny fiadanan'i Jerosalema aho: "Hambinina anie izay tia anao," amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-278-MLG
Nohavaozina farany: 16 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

